BETAMPONA, AMBODIBONARA, MAHANORO

Tsy hisotro rano tsy ara-pahasalamana intsony ny mponina

Tsy hisotro rano tsy ara-pahasalamana intsony ny mponina any Betampona, kaominina Ambodibonara distrikan'i Mahanoro faritra Atsinanana. Notokanana ny faran'ny herinandro teo ny foto-drafitrasa rano fisotro madio any an-toerana, fiaraha-miasan'ny depiote voafidy tany Mahanoro Rakotoson Hubert na depiote Sàlo, ny fikambanana AMB: Association Madagascar Bretagne any Frantsa ary ny kaominina Ambodibonara. Mitentim-bidy 120 tapitrisa Ariary izao foto-drafitrasa izao, izay ahitana siniben-

drano lehibe sy paompindrano miisa 9, mamatsy ity fokontanin'i Betampona ity. Mponina miisa 8500 eo any an-toerana no hisitraka izao zava-bita izao. Mbola hihitatra any amin'ny toerana hafa any Mahanoro izao fanomezana rano fisotro madio ny mponina, fiarahamiasa amin'ny AMB izao, hoy ny depioten'i Mahanoro Rakotoson Hubert, na depiote Sàlo. Faly ny mponina any Betampona Mahanoro, satria tsy haka rano any amin'ny 1 km intsony, ary hampiasa rano fisotro madio ara-pahasalamana amin'izay, tsy ho tratra ny aretina samihafa toy ny aretim-pivalanana, ny bilharziose intsony. Natolotra ofisialy tamin'izao lanonana izao koa ny EPP any Betampona Mahanoro, ny tsena any an-toerana ary ny fahazoan'izy ireo jiro avy amin'ny masoandro.

Aly

Bakalorea 2021

Azo lazaina ho nilamina ny andro voalohany

Andro voalohany tamin'ny fanadinana bakalorea ny andron'ny omaly alatsiainy ho an'ireo amin'ny sokajy ankapobeny sy teknika manerana ny Nosy. Nitsidika ireo ivon-toeram-panadinana vitsivitsy teto an-drenivohitra toa an'ny Lycée JJR, Lycée Andoharanofotsy, Saint Michel Amparibe ny Ministry ny Fampianarana ambony sy ny fikarohana ara-tsiansa niaraka tamin'ny Filohan'ny Oniversite an'Antananarivo, nijery ny fizotry ny fanadinana.

Nanome toromarika ireo tompon'andraikitra isaky ny ivon-toeram-panadinana ny Minisitra Assomacou Beatrice, tsy adinony ihany koa ny nirary soa ireo mpiadina.

Hatreto aloha dia mbola tsy nahitana olana, fa nizotra ara-dalàna ny fanadinana tamin'ireo notsidihany ireo. Toy izany ihany koa manerana ny Nosy, nilamina amin'ny ankapobeny ity fanadinam-panjakana ity.

Niaina

Antananarivo Renivohitra

Hiakatra fitsarana indray i Clémence anio noho ny fitorian'ny CUA

Ny mpanolotsainan'ny tanànan'Antananarivo, Cléménce Raharinirina.

Disadisa eo amin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), sy ny mpanolotsainan'ny tanàna, Clémence Raharinirina, hiakatra fitsarana anio i Clémence Raharinirina, mpanolotsain'ny tanàna voafidy tamin'ny anaran'ny IRK, noho ny fitoriana nataon'ny CUA. Marihana fa efa in-5 niakatra fitsarana izy tao anatin ny 11 volana, raha zohiana, dia ny Bén'ny tanàna, Vazahabe, Naina Andraintsitohaina, no nitory azy.

Tamin'ity raharaha farany ity, dia nampangaina ho tompon'antoka tamin'ny fanakorontanana mpivarotra teny Behoririka izy tamin'ny 22 jolay lasa teo, raha toa ka nanatitra ireo taxi izay noesorina tamin'ny fomba tsy ara-dalàna ny tenany, araka ny filazany.

Misaotra ny Bén'ny tanàna moa ny tenany, ary misaotra ihany koa ireo namany mpanolotsaina nanampy azy sy nanohana azy, tsy adinony koa ny antokoTIM izay nanolotra mpisolovava azy nandritry ireo fitsarana azy, ary misaotra ny Me Willy Razafinjatovo koa izy, nanolotena hiaro azy amin'ity raharaha anio ity.

Stefa

FJKM Ziona Famonjena Imerintsiatosika

Ho vitaina ao anatin'ny dimy volana ny « Gradin » ny fanitarana

Nisongadina tao anatin'ny fetin'ny taranaky ny Fjkm Ziona Famonjena Imerintsiatosika, synodamparitany Arivonimamo vaovao ny alahady lasa teo, ny famitana ny "gradin" 'ny fanitarana ny fiangonana ankehitriny. Raha tsiahivina, tamin'ny taona 2020 no natomboka ny hady fototry ny fanitarana ary niroso ny asa. Ezaka "gradin" indray izao no tanjona alohan'ny hametrahana ny rihana raha ny fanazavan'ny komitin'ny fanitarana teny an-toerana ny alahady teo. satria efa tafakatra ny rindrina vita vato. Nandritry ny fetin'ny taranaka no nisongadina, fa tsy maintsy vita ny fanitarana raha ny nambaran'ny ko-

mity ary noporofoin'ny zanaka ampielezana sy ny reni-fiangonana tamin'ny valopin'ny taranaka izany ny alahady lasa teo, ka taranaka tarika valopolo mahery no tonga niombom-bavaka sy nifanome tànana tamin'izany. Tao ireo nanolotra vy, ciment sy lelavola ihany koa. Miroso ny asa, ary tsy maintsy tratra ny tanjona raha ny nambaran'ny tompon'andraikitra ihany, satria matotra ny fiarahamiasa eo amin'ny renifiangonana sy ny zanaka ampielezana. Nahatratra roa arivo mantsy ireo mpino kristianina no tonga niombom-bavaka teny an-toerana ny alahady lasa teo. Amin'ny faha-29 Aogositra ho avy izao dia hisy ny hetsika iarahana amin'ny TDL, ka ny vola azo amin'izany dia hoentina hamitana hatrany ny fanitarana ny fiangonana Ziona Famonjena Imerintsiatosika. Nisaotra sy nankasitraka ireo mpino kristianina sy ny zanaka ampielezana ny mpitandrina teo antoerana, Rasoanaivo David, tamin'izao hetsika izao sy ny ho tohiny manaraka.

Rajo

Association « Madagascar ITF Dojang Heng De »

Mitaiza vatana, saina ary fanahy ny Taekwon-do

Nomarihan'i Sabumnim Rakotondramanana Yves Francky izay « Instructeur international » eo anivon'ny Association « Madagascar ITF Dojang Heng De ary anisan'ireo namorona ny fikambanana, fa tsy afa- misaraka ny fitaizana sy fikoloana ny vatana, saina ary ny fanahy rehefa mikatroka ny Taekwon-do.

Anisan'izany ny fitandroana ny fifanajana sy ny fitsipika mifehy, mba hananana ny fifehezan-tena eo amin'ny tsirairay. Takiana amin'ireo mpikatroka ihany koa ny fananana faharetana rehefa miatrika tranga sarotra. Mila mahay mifehy ireo karazana fihetseham-po maro tsy misaraka amin'ny Olombelona ihany koa ireo mpikambana, mba hahafahana miatrika ampahatoniana sy ampiheverana ary ampisainana ny zavamisy. Tsy adinon'ireo mpitarika ny mampianatra teny vahiny ireo mpikatroka toy ny teny anglisy, mba tsy hanana olana izy ireo rehefa miatrika ny fifaninanana iraisam-pirenena, hoy hatrany ny Sabumnim Rakotondramanana Yves Francky. Ity farany izay efa niatrika fiofanana maro tany ampitan-dranomasina, niompana tamin'ny lafiny teknikan'ny taranja Taekwon-do. Singanina amin'ireny ny niatrehany ny fampiofanana notarihan'i Profesora Ri Yong Son, tany Vienne Autriche. Tsy tapaka manaraka ny fiofanana any Chine ihany koa ny Sabumnim Rakotondramanana Yves Francky. Ity farany izay nanamarika fa mora mandray ny fampianarana manodidina ny haiady Taekwon-do ny Malagasy. Ny fikambanana « Madagascar ITF Dojang Heng De », izay efa misandrahaka any Antsirabe sy Toamasina ankehitriny.

Lalasoa R.

Ny Sabumnim Rakotondramanana Yves Francky.

Taratasin'ny mpamaky

Fanehoan-kevitra ampitaina amin'ny gazety izao manaraka izao: Nilaza ny filoha Rajoelina, Andry fa nahazo antso avy tamin'Andriamanitra … sarotra be ny miditra @ izany satria : anao sy IZY izany.

ISAN'ANDRO ISAN'ANDRO anie ka kristianina antapitrisany no miresaka ARY mahazo antso avy @ Andriamanitra e!

Omeo sehatra ao @ TVM-RNM na eny @ kianja ny vahoaka ahafahany mijoro ho vavolombelona dia ho hitanao, fa tsy présomption d'innocence intsony ny famaky mikapa :

-ny ain'ny mpianatra nitaky ny vatsim-pianarany,
-ny gadra maty tany Mananjary izay notifirina avy any andamosina,
-ny poketran'ny malagasy,
-ny insécurité,
-ny fitsaboana,
-ny fampianarana,
-ny JIRAMA,…

Raha tsiahivina tamin'ny taona 2009 : firenena efa niharina no norobainareo MAPAR; la caisse de l'état n'était pas vide ARY misy porofo mipetraka izany.

Taona 2019 : manaova débat télévisé @ HVM dia hita eo raha namela mafaitra anareo ry zareo na tsia … mahasahy ve nareo MAPAR amin'izany?

Taona 2021 : izao tontolo izao mahalala fa GISITRA Madagasikara!... iza no mitondra ? Rajoelina sy ny forongony no maha-gisitra antsika toy io.

Hanao ahoana re ianareo ireo rehefa tonga @ taonan'i Président RAVALOMANANA e ?

Nirina Rangodona
Tsianolondroa, Fianarantsoa